



Epistily ho an'ny Romana toko 1 – toko 11.

1. Roma sy ny Kristiana tao tamin'ny andron'i Paoly.

Hatrany Grande-Bretagne ka hatrany Arabia ny faritry ny empira romana tamin'ny andron'i Paoly. Roma, renivohitra, dia tanàna nanan-karena, ivon'ny fiainana ara-politika sy ara-barotra tamin'izany fotoana izany.

Ahitàna olona avy amin'ny firenena maro i Roma noho ny fifamoivoizana morain'ny lalana romana mamakivaky tany maro sy ny antsoina hoe “pax romana” izay antoky ny fiarovana amin'ireo izay mandeha amin'izany lalana izany.

Mety ho olona avy any Roma, tonga tao Jerosalema tamin'ny andron'ny Pentekosta ka niova ho kristiana noho ny zavatra hitany sy reny tamin'ny alalan'ny apostoly, no nitondra ny finoana kristiana ho any Roma rehefa niverina izy ireo (Asa 2.10: “... ary vahiny avy any Roma, na Jiosy na proselyta”).

Tany am-piandohana, azo heverina fa Jiosy no ankamaroan'ny Kristiana tao; vitsivitsy kosa ny Jentilisa . Taty aoriana nefa, rehefa namoaka didy ny Emperora Klaudio handroaka ny Jiosy hiala tao Roma tamin'ny taona 49 (jereo Asa. 18,2) , nanjary vitsy ny Jiosy fa ny jentilisa kosa no maro an'isa. Niteraka olana ara-poto-pinoana sy ara-pifandraisana izany toe-javatra izany. Ny Jiosy moa manindry ny Lalàna, ny jentilisa kosa manindry ny fahafahana.

Mety ho i Akoila sy i Prisila mivady no nahafantaran'i Paoly ny mombamomba ireo kristiana ireo (cf. Asa 18.2; Rom 16.3). Na dia tsy i Paoly aza no nanorina ny fiangonana tany, misy olona vitsivitsy ihany mba fantany (cf Rom 16).

2. Ny mpanoratra.

I Paoly apostoly, olom-pirenena Romana, sady lehilahy nitety tany maro no manoratra. Tsy mbola nahita an'i Roma izy tamin'ny fotoana nanoratany ny epistily. Azo heverina fa misy lanjany aminy io renivohitra io amin'ny maha olom-pirenena Romana azy. Izany angamba, hoy ny sasany, no nanaovany taratasy mafonja, mifanaraka amin'ny voninahitry i Roma. Nefa inoana fa ny traikefany teo amin'ny ministerany, vokatry ny fandinihana nataony nandritra ny taona maro momba ny finoany, ny fiainana ara-panahy nolalovany, ny epistily efa nosoratany (Tesaloniana, Korintiana, Galatiana) no nampanankarena ity taratasy ho an'ny Romana ity. Hitantsika izy, ohatra, tao Korinto tao an-tranon'ny lehilahy hatao hoe Titosy Josto nampianatra tao herintaona sy tapany (Asa 18. 7,11); ary tany Efesosy tao amin'ny trano fampianaran'i Tyrano, niady hevitra isan'andro, ary naharitra roa taona ngarangidina izany (Asa 19,9-10). Heverina fa nisy akony tamin'ny fandrafetany ny taratasiny izany.

Tao Korinto, teo amin'ny fiafaran'ny diany misionera fahatelo, i Paoly raha nanonina tamin'i Tertio izay hosoratana ao amin'ny taratasiny. (Rom. 16.22). Ampahafantariny ao fa hitondra ny vokatry ny fanangonam-bola avy tany Akaïa sy Makedonia ho an'ny kristiana sahirana any i Jerosalema izy (Rom. 15, 23-28). Araka ny Asa 20.3, nitoetra telo volana tao Korinto izy (Grèce), ary nandritra izay no heverina ho nanoratana ny epistily (taona 57 na 58). Efa hatry ny ela izy no naniry ho any Roma koa rehefa vitany ny anton-diany any Jerosalema dia mikasa ny handeha any Spania (Espagne) izy ary manantena handalo ao Roma hihaona amin'ny kristiana ao.

3. Ny antony sy ny votoatin'ny taratasy.

Araka ny fiandohan'ny taratasiny, “*maniry hahita ny anareo aho*” – hoy izy – “*hanomezako fahasoavam-panahy anareo, mba hampaherezina hianareo, izany dia ny mba hiarahako hamporisihina aminareo amin'ny finoantsika, dia ny anareo sy ny ahy. Ary tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa matetika aho no efa nikasa hankatỳ aminareo (saingy azon-tsampona mandraka ankehitriny aho), hananako izay vokatra atỳ aminareo koa, toy ny any amin'ny jentilisa sasany. Ananan'ny Grika sy ny firenena hafa rehetra, ny hendry sy ny tsy hendry, trosa aho; koa raha izaho, dia mazoto history ny filazantsara aminareo izay any Roma koa aho.*” (Rom 1.11-15).

Noraisina ho toy ny fanambarana ampahibemaso (manifeste) ny votoatiny sy ny zava-kendren'ny finoana Kristiana ny epistily ho an'ny Romana. Velabelariny ao ny planin'Andriamanitra momba ny famonjena ny olombelona; ary nomeny lanja manokana ny fifandraisan'ny Jentilisa sy ny Jiosy mpino izay amporisihiny ho amin'ny firaisan-kina.

Faritan'i Paoly mazava izao tontolo izao (1: 18-32): Voaheloka eo imason'Andriamanitra isika rehetra, na ny jentilisa na ny Jiosy izay tsy manaja ny lalàna nomen'Andriamanitra azy ireo ho tombontsoa (2-3, 20). Nefa Andriamanitra dia manolotra antsika rehetra famelan-keloka sy fiainana vaovao. Novidian'i Jesoa Kristy isika (toko 5) ka afaka manomboka fiainam-baovao indray, iarahana amin'Andriamanitra (toko 6-8). Izany no vaovao mahafaly.

Nahoana ny Jiosy no mandà io famonjena atolotr'Andriamanitra io, ary ny Jentilisa nanaiky izany? Satria heveriny fa ny famonjena dia azo amin'ny alalan'ny fankatoavana ny lalàna, amin'ny alalan'ny ezaka ataony irery ihany fa tsy amin'ny finoana. Nefa mbola hiova izy indray andro any (toko 9-11).

Izany famelan-keloka sy ny fitiavan'Andriamanitra izany dia mandrisika antsika hanova ny fomba fiainantsika sy ny eritreritsika. Ny “*Vaovao mahafy*” dia manova ny fifandraisan'ny olombelona - mitovy ny Jiosy sy ny Jentilisa ao amin'ny Fiangonana. Io fiovana io dia tokony hisy fiantraikany eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny antsipiriany (toko 12-15).

Nisy fiantraikany tamin'ny olona manan-daza maro ity taratasin'i Paoly ho an'ny Romana ity. An'isan'izany i Saint Augustin, Lotera, Karl Barth ... - ary tamin'ny alalan'izy ireo, nanamarika ny tantaran'ny Fiangonana ny epistily. Nefa tsy izy ireo ihany, fa Andriamanitra dia nikasika koa tamin'ny alalan'ity epistily ity fiainan'olona maro tsy nitonona anarana izay nino sy niaina mifanaraka amin'ny votoatiny.

4. Drafitra atolotra.

I. 1, 1-17 Sasin-teny

1.1-7. Fiarahabàna

1.8-15. Fisaorana an'Andriamanitra sy filazan'i Paoly ny fikasany
1.16-17. Lohahevitra fototry ny filazantsara

II. 1.18-3.20. Ny maha mpanota ny olona rehetra

1. 18-32. Ny maha meloka ny jentilisa
2. 1-11. Ny maha meloka ireo izay mitsara
2. 12-3.8. Ny maha meloka ny Jiosy
3. 9-20. Tsy misy marina na dia iray aza.

III. 3.21-5.21. Ny fanamarinana.

- 3.21-31. Ny loharanon'ny fahamarinana
- 4.1- 25. Abrahama, ohatry ny fahamarinana amin'ny finoana
- 5.1-11. Ny vokatry ny fahamarinana amin'ny finoana
5. 12-21. Meloka ao amin'i Adama, marina ao amin'i Kristy Jesoa.

IV. 6.1-8.39. Ny fiainan'ny mpino nohamarinina

- 6.1-23. Ny fahasoavana, manafaka amin'ny fanandevozan'ny ota
- 7.1-6. Voafetra ny herin'ny lalàna
- 7.7-24. Tsy manafaka amin'ny ota ny lalàna
8. 1-17. Tsy misy fanamelohana izay ao amin'i Kristy Jesoa
- 8.18-39. Ny voninahitra ho avy.

V. 9.1-11.36. Israely sy ny firenena rehetra.

- 9.1-13. Israely sy ny safidin'Andriamanitra
- 9.14-29. Ny nifidianana ny Jentilisa
- 9.30-10.13. Israely sy ny fahamarinana amin'ny finoana
- 10.14-21. Ny ilàna ny toriteny
- 11.1-36. Tsy nolavin'Andriamanitra akory ny olony.

5. Famintinana/ hevi-dehibe.

Voaheloka, na ny jentilisa ratsy fitondran-tena, na ireo mitsara ny hafa, na ny Jiosy izay matoky ny tenany noho ny nanomezana azy ny lalàna. Tsy misy afa-miala amin'ny fitsaran'Andriamanitra ny zanak'olombelona na iza izy na iza (1.18-3.20).

Ankehitriny nefa naharihary ao amin'ny Vaovao Mahafaly ny fahamarinan'Andriamanitra dia ny fahamarinana raisina amin'ny finoana irery ihany (3.21-31) tahaka an'ny Abraham izay nohamarinina tamin'ny finoana (Toko faha 4).

Ary satria nohamarinina tamin'ny finoana an'i Kristy Jesoa ny mpino, dia vita fihavanana amin'Andriamanitra; ary dia faly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra (5.1-11). Miseho eto ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra satria fony mbola mpanota isika, hoy i Paoly, dia maty hamonjy antsika i Kristy. Noho izany tokony hatoky ny fitiavany isika satria raha fony fahavalo aza isika no nampihavanina tamin'Andriamanitra tamin'ny nahafatesan'ny Zanany, mainka ny hamonjena antsika amin'ny fahavelomany ankehitriny, rehefa nampihavanina.

Karazana olona roa avy eo no asehon'i Paoly, ny iray voamariky ny ota sy ny fahamelohana, ny iray kosa misongadina amin'ny finoana sy ny fahasoavana. Ny lohan'ny "olona fahiny" dia Adama, ny lohan'ny olom-baovao kosa dia i Kristy. *"Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan' ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan' ny Anankiray. Ary ny lalàna dia niditra koa hahabe ny fahadisoana. Nefa teo amin' izay nihabiazan' ny ota no nihoaran' ny fahasoavana be lavitra, mba ho tahaka ny nanjakan' ny ota tao amin' ny fahafatesana no hanjakan' ny fahasoavana kosa amin' ny fahamarinana ho fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika"* (5.19-21).

Mamaly ny mety ho fanakianana ateraky izany fanambarana izany Paoly avy eo (toko faha 6 sy faha 7). Azo atao ve izany ny mbola miaina amin'ny ota, amin'izay hita tsara ny fihoaran'ny fahasoavana? *"Sanatria izany!" hoy i Paoly, "Hataontsika izay efa maty ny amin' ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin' i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin' ny fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy tamin' ny batisa ho amin' ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an' i Kristy tamin' ny maty tamin' ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin' ny fiainam-baovao. Fa raha nampiraisina taminy tamin' ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin' ny fitsanganany; fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan' ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony. 7 Fa izay efa maty dia afaka amin' ny ota"* (Rom 6.2-7).

Ny fanakianana faharoa dia ny hoe "ota ary ve ny lalàna"? *Sanatria izany! Kanefa tsy nahalala ny ota aho, raha tsy tamin' ny lalàna, satria tsy fantatro akory ny fitsiriritana, raha tsy ny lalàna no nanao hoe: "Aza mitsiriritra". Fa io didy io dia nentin' ny ota nampihetsika ny fitsiriritana rehetra tato anatiko; fa maty ny ota, raha tsy misy lalàna. Ary izaho dia velona tsy nanan-dalàna fahiny; fa rehefa tonga kosa ny didy, dia velona indray ny ota, ka dia maty aho. Ary ny didy izay natao hahazoana fiainana, dia hitako fa nahatonga fahafatesana tamiko kosa. Fa io didy io dia nentin' ny ota namitaka sy nahafaty ahy. (...) Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin' ny nofoko; fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. (...) Koa hitako izao lalàna izao: raha ta-hanao ny marina aho, dia ato amiko ihany ny ratsy. Fa mankasitraka ny lalàn' Andriamanitra aho araka ny toetra anaty; nefa mahita lalàna hafa amin' ny momba ny tenako aho, miady amin' ny lalàn' ny saiko ka mamabo ahy ho an' ny lalàn' ny ota izay ao amin' ny momba ny tenako. Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin' ny tenan' ity fahafatesana ity?"* (7.7-24).

Ny toko faha 8 dia milaza ny momba ny Fanahy masina izay monina ao amin'ny mpino. Amin'ny alalany no ahazoana mamono ny asa ratsin'ny tena ka ahazoana mivelona: *"raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan' ny tena dia ho velona hianareo"* (and.13). *"... izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra. Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin' ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin' ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô. Ny Fanahy dia miara-milaza amin' ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika. Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an' Andriamanitra no mpiray lova amin' i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa"* (8.14-17).

Ambaran'ny Apostoly Paoly ato amin'ity toko faha 8 ity ihany koa ny ho avin'izao ary rehetra izao, dia ny hamotsorana azy amin'ny fahalovana (8.18-27). Misento ny zava-boary eo am-piandrasana izany, ary isika koa, *"na dia manana ny voaloham-bokatry ny*

Fanahy aza, eny, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika” (and. 23).

Mahatoky Andriamanitra, fa raha ny Zanany aza natolony hamonjy antsika, “*tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?”* (and.32). Tsy hisy hahasaraka antsika amin’ ny fitiavan’ Andriamanitra izay ao amin’ i Kristy Jeso Tompo (and.39).

Raha ny momba ny Israely sy ny firenena rehetra indray (toko 9-11) tsy adinon’i Paoly ny fisian’ny Jiosy sy ny Jentilisa tao amin’ny fiangonana sy ny tsy fifankahazoana mety aterak’izany; indrindra koa moa fa maro an’isa ny jentilisa. Ampiasain’i Paoly izany hanazavàna ny planin’Andriamanitra: Nahoana ny vahoaka Jiosy, amin’ny ankapobeny, no nandà ny Mesia? Inona no mampifanaraka ny fampidirana ny Jentilisa ao amin’ny fanekena amin’ny planin’Andriamanitra? Arovan’i Paoly ny hevitra fa tsy mivadika amin’ny fanekena nataon’Andriamanitra saingy tsipihany fa tsy natao ho an’ny taranak’i Jakoba rehetra akory ny teny fikasana, fa ho an’ny sisa voafidy. Mampitandrina ny Jentilisa izy tsy hirehareha. Tsy ny fifidianan’Andriamanitra akory no nahatonga ny tsy finoan’i Israely fa ny avonavony, ny tsy fahalalàny sy ny fahamafisany hatoka (toko faha 10). Mijery ny ho avy i Paoly eo amin’ny toko faha 11. Ambarany fa tsy feno tanteraka akory ny fahotan’i Israely (satria misy sisa mino, ary mbola hisy fiverenana amin’ny laoniny). Ho samy ho amin’ny fahafenoana na ny Jiosy na ny Jentilisa amin’ny farany (11. 12, 15). Tsy mahagaga raha mitondra an’i Paoly ho amin’ny fankalazàna izany: “*Fa tahaka anareo izay tsy nanaiky an’ Andriamanitra fahiny, nefa ankehitriny ny tsi-faneken’ ireny no nahazoanareo famindrampo, dia toy izany kosa ankehitriny, tsy nanaiky ireny, mba hahazoany famindrampo ankehitriny noho ny famindrampo azonareo. Fa Andriamanitra nanidy azy rehetra tamin’ ny tsi-fanekena, mba hamindrany fo amin’ izy rehetra. Endrey ny halalin’ ny haren’ Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny fahalalany! ny fitsarany tsy hita lany, ary ny lalany tsy azo fantarina! Fa iza no nahalala ny sain’ i Jehovah? ary iza no mpanolo-tsaina Azy? Na iza no nanome Azy aloha hamaliana azy indray?3 Fa Izy no nihavian’ izao zavatra rehetra izao, ary Izy no mihazona azy, sady Izy koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra mandrakizay. Amena”* (and. 30-36).

Solohery RAOBINARISON, Mpitandrina
Paris, 21 Mars 2018